



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

AHOANA NO FANARAHANA NY TOMPO JESOA ?

COMMENT SUIVRE JÉSUS

LIOKA 14. 26-35

«26 Raha misy manatona Ahy, aoka ho tia Ahy mihoatra noho ny ray aman-dreniny sy ny vady aman-jahany mbamin'ny mpiray tampo aminy, ary mihoatra noho ny tenany aza; faraha tsy izany, tsy afaka ho mpianatro. 27 Izay tsy mizaka ny hazofijaliany ary tsy miaraka amiko, dia tsy afaka ho mpianatro. 28 Raha misy aminareo te hanorina tilikambo, dia hipetraka izy aloha hitetika tsara izay ho lany, hahitany raha misy vola hanefana izany. 29 Sao vita manko ny fototra vao tsy afa-manohy, ka holatsain'ny mpitazana rehetra 30 hoe: Mba nanomboka nanorina rangahy io, nefo tsy nahatody! 31 Ary raha misy mpanjaka handeha hanafika mpanjaka hafa, dia hipetraka izy aloha handinika tsara, hahitany raha azony atao amin'ny miaramila iray alina ny hifanandrina amin'ny fahavalony manana miaramila roa alina. 32 Raha tsy azony atao manko, dieny mbola lavitra ilay fahavaloo, dia handefasany iraka hanao raharahan-PIHAVANANA. 33 Ary nofaranan'i Jesoa hoe: Dia toy izany koa ary, na iza na iza aminareo tsy mahafoy izay rehetra ananany, dia tsy afaka ho mpianatro! 34 Zavatra tsara ny sira; kanefa raha ny sira no tonga matsatso, hatao ahoana indray no hanome hasina azy? 35 Fa sady tsy mahasoa tany no tsy mahasoa zezika intsony ka dia ariam-potsiny. Izay manan-tsofina hihainoana, aoka hihaino!»

⇒ **Fanamarihana voalohany hitarihako ny** saintsika: Ny maha-kristiana na fanarahana nan'i Jesoa Kristy dia **tsy fomba fitondrantena araka ny fiheveran'olombelona** akory, fa **fiainana**.

Ho an'ny mpandalina teolojia dia sokajiana ao amin'ny «Etika» ny famaritana ny fomba fitondrantena, ka misy ny milaza hoe «Etika Kristiana». Manjary toa ny Fitsipi-pitondrantena no mifehy ny fiainana kristiana amin'ny ankapobeny ho an'ny maro, ka na ny toriteny na ny fampianaram-pinoana dia tototry ny anatranatra sy fampahafantarana ny «tsara» tokony hatao sy ny «ratsy» tokony hialana (discours moralisateur). Ny hoe «mibebaka» dia manjary midika tsotra hoe «miovà toetra ka manova ny tsara». Tsy hoe diso akory izany, fa tsy milaza na mampahafantatra ny vontotoatin'ny fiainana kristiana mihitsy. Ny fivavahana rehetra foronin'ny sain'olombelona sy ny fikambanana rehetra atsangany dia samy manana fitondrantena takiana sy anatra atao avokoa. Natao hiaro ny fiaraha-monina ny fananganana Fitsipi-pitondrantena. **Sarotra amin'ny olona ny manavaka ny Toriteny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fananarana ranofotsiny ataon'ny samy olombelona.** Hoy ny fanamarihana nataon'ity teôlôjiana alema iray, Gerhard Ebeling: «Ankehitriny, ny fisehoan'ny olana amin'ny fitorian-teny dia tarihin'ny zava-misy mampiseho fa andevozin'ny lalâna ny

olombelona ka tsy ananany hevitra akory momba izany lalàna izany. Ahoana moa no hananany faharesen-dahatra ny amin'ny famonjena (fanafahana azy amin'ny ota) raha toa ka tsy mazava aminy akory ny ambaran'ny lalàna mamehy azy ?(Aujourd’hui la problématique de la proclamation se guide sur le fait que l’homme est tellement esclave de la loi qu’il n’en a plus aucune idée. Comment la certitude du salut signifierait-elle quelque chose, s’il n'est pas certain de la loi qui l'assujettit ?)»¹ Ilay teôlôjiana alema malaza, Dietrich Bonhoeffer, eo amin'ny fanombohany ny boky nosoratany izay nanjary loharano nanovozana ny fampianarana etika rehetra amin'ny toeram-panomanana teôlôjia tato aoriana, dia nanao izao fanamarihana lehibe izao: «Ny zavakendren'ny fisainana etika rehetra dia toa ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Ny andraikiry ny etika kristiana voalohany dia ny fanafoanana izany fahalalana izany... Ho an'ny etika kristiana dia hita sahady ao anatin'ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy ny Fahalavoana. Tany am-piandohana dia tsy nahalala afa-tsy tokana monja ny olombelona: Andriamanitra. Tsy nahafantatra ny namany izy, ny tontolo manodidina azy ary ny tenany akory aza raha tsy tao amin'ny firaisansa amin'ny fahalalana an'Andriamanitra. ... Ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia maneho ny fisarahana tamin'ny fiandohana... Tsy nahalala ny tsara sy ny ratsy ny olombelona raha tsy nanohitra an'Andriamanitra. Nefa tsy nanafaka ny olombelona amin'ny fiandohany akory izany! Raha tokony ho mahafantatra ny olona fa avy tamin'Andriamanitra izy, dia nanjary voatery hihevitra izy fa ny tenany ihany no niandohany. (Le but de toute réflexion éthique semble être la connaissance du bien et du mal. La première tâche de l'éthique consiste à abolir cette connaissance... l'éthique chrétienne voit déjà dans la possibilité de connaître le bien et le mal la chute originelle. À l'origine, l'homme ne connaît qu'une chose: Dieu. Il ne connaît son semblable, le monde et lui-mêmeaa que dans l'unitéa de la connaissance de Dieu... La connaissance du bien et du mal dénote un divorce préalable d'avec l'origine... L'homme ne connaît le bien et le mal que contre Dieu. Mais l'homme ne s'affranchit pas de son origine! Au lieu de se savoir issu de Dieu, il doit maintenant se connaître comme étant sa propre origine)»².

Raha araka ny hevitray manokana dia «fahamasinana» (sanctification) no teny metimety kokoa sy mirakitra ny hevitra enti-milaza izany «fitondrantena», «fomba fainana kristiana». Hoy ny tenin'ny apostoly Paoly hoe : «Aoka ny olona rehetra izay manonona ny anaran'ny Tompo hiala amin'ny ratsy... Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ireny, dia ho fanaka omem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an'ny Tompo, voavoatra ho amin'ny asa tsara rehetra.»³ Il Timoty 2, 19-21. Mazava koa araka io tenin'ny apôstôly io fa tsy ezaka ataontsika akory ny fahamasinana, fa asan'Andriamanitra amintsika. Fantatsika fa taty aoriana dia novan'ny olona indray ny hevity ny hoe «masina» ampiharina amin'ny fainan'ny mino, ka nanjary nahatonga fireharehana ho an'ny sasany sy nanavahany ho toy ny ambany izay heveriny ho tsy mitovy aminy. Hoy kanefa ity sociologue iray, Christie Davies: «Ny zavatra tsy azo atao, na ny fady, dia miova be dia be isaky miova ny fiaraha-monina iarahanana (Les interdits varient considérablement d'une société à l'autre)³. Sarotra ny manavaka ny soa toavina (système de valeurs) ao anatin'ny fahamasinana amin'ny maha-Kristianina sy ny soa toavina faritana ho «tsara», sy «azo atao» araka ny fijery etika (lalam-pitondrantena) iombonan'ny olombelona rehetra. Ny atao hoe «tsara» araka ny fijerin'ny etikan'ny olombelona dia fenitra ifanarahana, koa samy afaka mamantatra sy manao ny tsara avokoa ny olona, na dia tsy voatery ho mitovy avokoa aza ny finiavana manoloana izany «tsara» izany. Hamafisina amin'ny alalan'ny rafitra atsangana izany ka hametrahana fepetra sy fombafomba ivelany hahafahana mampisongadina ilay atao hoe tsara. Eken'ny maro ao anatin'ny fiaraha-monina isiana izany fijery izany, koa voafaritra ao anatin'ny rafitra, na ny fankasitrahana ireo izay «manao ny tsara», na famaizana izay tsy manaja izany. Hampahazava kokoa izay fanamarihana izay, araka izay hitantsika eo amin'ny fainana andavanandro ankehitriny, araka ny fanamarihana nataon'ny teolojiana mpampianatra anay, Jean Ansaldi, hoe : « Ny sokajin'ny “fanana=fahefana” (catégories de l'avoir-pouvoir) no matetika mandrafitra ny fisainana sy fihetsiky ny olona ... Ny etika dia natao ho fiarovana ny tontolony... Nateraky ny filana mitsinjo fitahirizana ny fisiana (née du besoin de conservation) ka mirona bebe kokoa ho amin'ny fanatsarana ny vondrona, ho amin'ny fikatsahana ny rariny ho an'ny isam-batan'olona sy ny fiaraha-monina

¹ EBELING ? Gerhard, *Théologie et Proclamation*, Paris, Seuil, 1972, p. 120

² BONHOEFFER, Dietrich, *Ethique*, Genève, Labor et Fides, 1965, pp. 1-2

³ DAVIES, Christie, cité par Tracey MIDDLEKAUFF dans «Comment faire rire un rat», *Selection du Reader's Digest*, avril 2015.

(vers la justice individuelle et sociale) ny etika. Ny lalàna no anorenana ny famaritana ny atao hoe tsara araka izany eo amin'ny olombelona. Tsy afa-misaraka amin'ny hambon'ny olona anefa izany, sy ny finiavan'ny olona hanangana ny tenany ho andriamanitra kely (volonté d'auto-divinisation). Ny fahalemena, vokatr'izany, dia ny tsy fisian'ny fahazavana amin'ny fanentanana ara-pisainana (ambiguïté des motivations psychologiques), fanentanana ara-kolontsaina sy ara-piaraha-monina (ambiguïté des motivations culturelles et sociales). Na oviana na oviana dia tsy afaka mahatsiaro ny atao hoe fahamasinana ny olona raha tsy manaiky fiovana hentitra sy tanteraka (rupture décisive) izay tsy ao amin'ny hetsika ataony fa ao amin'ny tanjona kendreny : tsy maintsy Andriamanitra Rain'i Jesoa Kristy no asolo ny karazan-tsampy rehetra foronin'ny sain'ny olombelona mba hamenoana ny banga eo amin'ny fiainany »⁴. Mazava araka io, fa ny «fahamasinana» amin'ny maha-Kristiana dia mandalo amin'ny fibebhana. Tena fiovam-penitra no ilaina fa tsy endrika ivelany fotsiny. Mora ny mody miseho ho «masina», kanefa ny fo mbola anjakan'ny faharatsiana sy ny fankahalana mbamin'ny tsy fitiavana namana. Ny te hiseho ho «masina» araka ny fisainany dia manjary voafatotry ny fisehosehoana ivelany fotsiny, na alaim-panahy hanidrahidra «olona heveriny ho masina», ka tsy mahay maka fihemorana kely (recul) handanjalanja ny mety sy ny tsy mety fa mandeha an-jambany fotsiny. Fakam-panahy mety hahazo ny kristiana sasany koa ny mamaritra ny fahamasinana amin'ny alalan'ny lalàna sy Fitsipika atsangana araka ny sain'olombelona. Izay no miteraka ny antsoina hoe «pharisaïsme»: fomba fiainan'ireo Fariseo te hanamarin-tena avy amin'ny fanarahana an-jambany ny lalàna araka ny famakiny azy. Raha ilay fijery etikan'izao tontolo izao voalaza etsy aloha no ampiharina eo amin'ny fiainan'ny Fiagonana, dia manjary omen-danja be dia be ny «fahefana» sy ny «fananana». Manjary omena vahana ny fitiavam-boninahitra sy ny fanandrata ny vola amin-karena, koa ny fandrosoan'ny Fiagonana dia toa tsaraina amin'ny fananany, ary ny fahefana dia natao ho an'izay manan-katao sy manan-kambara ihany. Maro ny miseho ho «manao ny asan'Andriamanitra», kanefa fitadiavan-tombony sy fisehosehoana ihany. Efa nampitandrina manoloana izany ny Tompo Jesoa tamin'ny fampianaranay teo amin'ny Toriteny tany an-tendrombohitra, araka ny Matio 5, 33- 48 ; 6, 1-15.

⇒ **Fanamarihana faharoa ataoko indray**, raha namaky boky heviteny iray momba ny Soratra masina⁵ aho, ny lohahevitra nomeny ny Lioka 14. 25-35 nakantsika ny fototra ara-tSoratra masina ny fiaraha-mandinika ataontsika anio, dia ny hoe: «IZAY TAKIANA AMIN'NY MPIANATR'I JESOSY (LE PRIX POUR ÊTRE DISCIPLE)». Tsy mora ny maha-kristiana, satria **tsy vitan'ny fisehohana ivelany fotsiny na fakantahaka ny hafa izany, fa misy vidiny, misy zavatra takiana**. Hoy ny tenin'i Jesoa ntamin'ny toriteniny tao an-tendrombohitra, hoe: «ataovy amin'ny olona izay rehetra tianareo hataon'ny olona aminareo; fa izany no vontoatin'ny lalanan'i Mosesy mbamin'ny fampianaran'ny mpaminany. Midira amin'ny vavahady ety ianareo! Fa lehibe ny vavahady markany amin'ny fahaverezana ary malalaka ny lalana, ka maro no miditra any; tena ety kosa ny vavahady markany amin'ny fiainana ary tena tery ny lalana, ka vitsy no mahita azy. Mitandrema amin'ny mpaminany sandoka: malemy paika toy ny ondry izy manatona anareo; kanefa ao anatiny, toy ny amboadia mandramatra. Ny asany no hahafantaranareo ny mpaminany sandoka: fa foto-tsilo tsy ahazoana voaloboka; ary songosongo tsy ahazoana voanaviavy. Dia toy izany: ny hazo tsara rehetra mamo voa tsara; fa ny hazo ratsy rehetra mamo voa ratsy. »Matio 7. 12-17. Io tenin'ny Tompo io no nanome saina ilay filôzôfa sady teôlôjiana danoa malaza, Søren KIERKEGAARD, raha nanoratra izy, tanisaiko matetika io teniny io tato ho ato ho fampaherezana ny olona mitaraina amiko. Hoy izy, hoe: «Heverin'ny olona foana ary hanamarinany tena rehefa mihemotra izy fa “sarotra, hono, **ny** lalana”. Diso kanefa izany, tsy ny lalana akory no sarotra, fa ny sarotra **no** lalana». Raha fisainan'olombelona baikoin'ny kajy sy ny vinavina mandrakariva dia tsy hahatafitana mihitsy ho ao amin'ny fiainana. Fa raha nilaza ilay teniny vao notanisaiko teo aloha teo manko i Jesoa, niainga tamin'ny fampitahana ny ataontsika olombelona amin'izay tiantsika, hoy Izy, hoe: « Araka ny hevitrareo, iza no olona hangatahan-janany mofo ka hanome vato azy? Na hangatahany trondro ka hanome bibilava azy? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo, mainka fa ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy! » Matio 7. 9-11. Ny fitiavana dia mamaha ny sakana rehetra

⁴ ANSALDI, Jean, *Éthique et Sanctification*, Genève, Labor et Fides, 1983, p. 50-52.

⁵ ADEYEMO, Tokunboh, et ANDRIANTSIMIALOMANANARIVO, Solomon, Éditeurs, *Hevitenin'ny Baiboly*, Carisle Cumbria, Langham Global Library, 2014.

ho an'izay manao zavatra, ary ny finoana kosa mahatonga izay hanaovan-javatra tsy hisalasala fa hanana fahatokiana ary manantena mandrakariva fa handray soa avy amin'izay tia azy.

⇒ **Fanamarihana fahatelo hataoko** dia mahalasa eritreritra, raha raisina ara-bakiteny fotsiny (lecture au premier degré) ny tenin'ny Tompo Jesoa, fa **toa mila vaniny mitaky zavatra tsy mifanaraka amin'ny lalam-piaianana** Izy, etsy andaniny. Iaraha-mahalala fa isan'ny olana eo amin'ny fiaraha-monina ankehitriny ny fahasimbana amin'ny fifandraisany ao anaty fianakaviana (conflit familial). Isika tatsinanana, mbamin'ny ao anatin'ny fiaraha-monina mbola tsy voafehin'ny «sokajin'ny fananana-fahefana (catégories de l'avoir-pouvoir)» izay vao nolazaiko tetsy aloha, dia manana anjara toerana sy fanajana lehibe ny ray aman-dreny. Fa amin'ny tandrefana sy ny firenena “mandroso” maro dia manelingelina ny fihariana ireo izay tsy afa-mamokatra intsony(improductifs), hany ka omena toerana manokana handefasana azy ireo rehefa mby amin'ny fahosana izy. Fantatsika rehetra ny « Tranon'ny Beantitra (Maison de retraite) ». Rehefa tonga taona ka afaka hamelon-tena indray ny tanora dia miala eo anivon'ny ankohonana misy ny ray aman-dreniny ka miezaka hahaleo tena, sady tsy mifampiraharaha loatra intsony amin'ny ray aman-dreniny momba ny fiainany; na koa ny ray aman-dreny sasany mihitsy aza no manosika azy ireo handeha hiala. Moa ve azo raisina ho fanomezana vahana izany endri-panavakahana eo anivon'ny fiaraha-monina izany ny filazan'ny Tompo, hoe «*aoka ho tia Ahy mihoatra noho ny ray aman-dreniny sy ny vady aman-janany mbamin'ny mpiray tampo aminy, ary mihoatra noho ny tenany aza fa raha tsy izany, tsy afaka ho mpianatro.*» Fa etsy andaniny koa, amin'ny ohatra nomen'ny Tompo, dia misy resaka fananganana Tilikambo. Toa efa fambara mialoha ny fisian'ny «Gratte-ciel» ankehitriny izany. Hafa noho ny «Tilikambon'i Babela» izany. Ary misy koa resaka momba ny ady hataon'ny mpanjaka iray hanafika mpanjaka hafa : tsy vitan'ny toa fanomezana lanja ny herisetra sy fanafihana hamono olona izany (mampahatsiaro antsika ny zavanitrange nifandimby tamin'ny taonjato lasa teo iny ary mbola mitohy misy koa mandraka ankehitriny), fa aseho ho mampuasa saina, manao kajy ny olombelona hahazoana tombony araka ny kinendriny (toa mifanohitra amin'ilay etsy aloha hoe «*tia Ahy mihoatra noho ny tenany*»).

Tsy raisina ara-bakiteny ny Soratra masina fa ny ohatra omen'ny Tompo Jesoa, na dia miainga amin'ny fahadalana sy ny fahalementsika olombelona aza, dia mifono fampianarana **Ialina : miantso antsika hanaraka Azy sy hiditra ao amin'ny Fanjakany Izy ka tsy tokony hamaivanina ny fandraisana izany fanasana izany fa asaina mandinika sy mandanjalanja isika ny hasarobidin'izay atolony ho antsika.** Tsy tokony ho latsaka noho ny fanomezan-danja ny tetibola hanaovana fanorenana, mbamin'ny famolavolana tetikady ho enti-mandresy fahavaloo ny fanomezan-danja ny fandraisana ny antson'ny Tompo hanaraka Azy. **Tsy tokony ateraky ny hataitairam-potsiny (impulsion) ny fetezana ho mpianatr'i Jesoa Kristy, fa tsy maintsy atao sarobidy sy omen-danja tokoa ny zavatra takian'ny fanekefa sy ny firotsahantsika** (Il ne faut pas devenir disciple de Jésus par impulsion, il faut d'abord réfléchir sérieusement sur ce que l'engagement implique) : «*Dia toy izany koa ary, na iza na iza aminareo tsy mahafoy izay rehetra ananany, dia tsy afaka ho mpianatro!*».

AHOANA NO FANARAHANA NY TOMPO JESOA ?

① NY FIANGONANA NO MAMPISEHO HO HITA MASO AN'I JESOA KRISTY ANKEHITRINY.

Hatramin'ny taloha ka mandraka ankehitriny dia mifameno mandrakariva ny filan'ny Fiagonana fitaovana fampiasa sy fananana ara-bola, etsy andaniny, ary trano sy mpiasa, etsy ankilany. Miainga avy amin'ireo no hanaovana ny teti-bola. *Miankina be dia be amin'ny zavatra ilaina sy ny tetikasa ny fananganana teti-bola, ary mitaky fahatsiarovana andraikitra eo amin'ny tsirairay, rehefa mahatsiaro tena tokoa izy fa mpiombona aina, mpikambana feno, tompon'andraikitra, vahoakan'Andriamanitra miray amin'i Kristy Loha sy Tompon'ny Fiagonana, manaraka an'i Kristy eo amin'ny fiainany fa tsy mpitazam-potsiny.* Misy tokoa, fa tsy azo odian-tsy hita, ny olona te hanao ny Fiagonana ho fitaovana ho amin'ny tombontsoany manokana. Mety ho sehatra hitadiavam-pahefana sy voninahitra ivelany ny Fiagonana ho an'ny toy izany. Tsy manao asa na manome zavatra ho an'ny Fiagonana ny olona sasany raha tsy mahazo fankasitrahana manokana sy fanahidrahidrana, tahaka ny hoe tsy velona ny Fiagonana raha tsy misy azy. Mazava fa tsy miainga amin'ny fahatsiarovana andraikitra sy fitiavana

ary fanoloran-tena mamaly ny antson'ny Tompo hanaraka Azy ny asa ataon'izy ireny, fa filan-dera, hany ka tsy mampaninona azy akory ny mampifilafila sy manao fampitambazana tsy hampandeha ny asan'ny Fiagonana.Tsy misaraka amin'ny karazan'olona toy ireny ny fireharehana sy fanambaniana ary fitsaratsarana ny hafa, tahaka izay nataon'ilay mpanan-karena nandatsa-drakitra tao amin'ny fandatsahan-drakitra, na ilay Fariseo nivavaka teo anoloan'ny mpamory hetra iray: « Andriamanitra o, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany izay mpangalatra, tsy marina sady mpaka vadin'olona, na tahaka io mpamory hetra io aza. » Lioka 18. 10, kanefa tsy mba nahazo sitraka tamin'ny Tompo Jesoa (vakio Lioka 21. 14). Manan-karena olona kanefa Andriamanitra, ary mankasitraka izay manao amim-pitiavana sy amin'ny fanolorantena tokoa. «Ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra»⁶, hoy ny Soratra Masina. Rehefa mankato ny teti-bola ao amin'ny Fiagonana ny mpikambana dia toy ny manao fanekena fa handray ny andraikiny hanefa izay ilaina amin'izany. Ao anatin'ny **Faneken'ny Diakona** rahateo ny fandraisana andraikitra ihany koa hanentana ny vahoakan'Andriamanitra hanefa ny addiny (**Fanekena faha-5** : *angamba tokony amboarina kely io, fa tsy ny adidy ara-bola ihany no tokony hatao fa ny adidy rehetra miainga avy amin'ny fahatsiarovantena sy fanolorantena hanao ny asan'Andriamanitra*).

② **FITIANTENA SY TSY AHITAM-PAHOMBIAZANA AMIN'NY FANARAHANA AN'I JESOA NY MANERY NY FOMBA FIJERINAO HO AN'NY HAFA EO AM-PANATANTERAHANA ASA IRAY.** MARIHINA TSARA kanefa fa : Ho an'ny olona «matahotra an'Andriamanitra» (amin'ny heviny hoe manome voninahitra an'Andriamanitra ka tsy te hanaonao foana ny asany) izany fanamarihana izany, fa tsy ho an'ny «tsy matahotra an'Andriamanitra fa jamban'ny fireharehana» ka mampifilafila sy miandry fiangaviana mafy vao mety hanao, na dia fantany mazava tsara izao aza fa mety ho vitany tsara ny asa tiana ampanaorina azy. **TENA ILAINA NY FIZARANA ANDRAIKITRA, KANEFA AOKA HO ARAKA NY FAHAIZANA SY FANOMEZAM-PAHASOAVANA ANANAN'NY TSIRAIRAY NY FANAOVANA IZANY.** «Aza mitomany randrana manendrika ny hafa», hoy ny fahendren'ny razantsika Malagasy. «Tsy misy mafy tsy laitran'ny zoto», hoy ihany koa anefa ny fahendren'ny razantsika. Midika izany fa *rehefa mandray andraikitra ka tsy mitompo teny fantatra fa mahay miezaka hianatra mba hahay sy hivoatra, dia mety hahavita tsara*. NY TSY TE HIVOATRA SY HANDROSO DIA FALY MIANINA AMIN'NY FANAKIANANA FOTSINY NY HAFA MANDRAY ANDRAIKITRA MBA HANAFENANY NY TSY FAHAIZANY SY NY TSY FAHALALANY. Mazava ho azy fa ny tia ny asa sy ny voninahitra omen'Andriamanitra NIANTSO HO AMIN'NY FANOMPOANA dia mahay manetry tena ka mandefitra manoloana ny tsy tokony ho vitany fa manaike kosa hianatra sy handalina mba hahavitany tsaratsara kokoa izay azony tanterahina araka nyandraikitra nomen'ny Tompo azy. Zava-dehibe mihitsy ka aza adinoina na oviana na oviana izao : Zava-dehibe mihitsy ka aza adinoina na oviana na oviana izao: **TSY NY FANANANA FOTOANA AMPY HAHAFAHANA MANAO NO HAHAVITAN-JAVATRA TSARA FA NY FINIAVANA SY FAHAIZANA MAMPIASA NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA NOMEN'ANDRIAMANITRA** (Ce n'est pas la disponibilité qui rend capable et compétent mais la prise de conscience du don spirituel). Rehefa mifofotra amin'ny fiainam-bavaka ny fiagonana dia omen'Andriamanitra mpanompo mahavita sy vonona hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

③ **TOKONY HOSOROHINA NY FANOMEZAN-DANJA TAFAHOTRA NY LALÀNA SY NY FITSIPKA (LÉGALISME)**

► Ny antsoina hoe «légalisme» na fanomezan-danja tafahoatra ny lalàna sy ny Fitsipika dia fanarahana ara-bakiteny ny lalàna natsangana sy ny Fitsipika araka ny voasoratra, fa tsy voahevitra ny tena hevi-panahy fonosin'ny nananganana izany (s'attacher à la lettre à la Loi et aux Règlements Intérieurs sans en tenir l'esprit). Efa voalaza teo aloha fa misy fiagonana sasany manangana fitsipika mihitsy mametra fa tsy azo tanterahina ny asa pastoraly ho an'ny kristiana mpikambana ao, raha tsy mahavita ny addiny ara-bola ao amin'ny fiagonana izy. Raha toa ka miainga amin'ny fitaizana eo am-piandohana izany, ho fampahatsiarovantena sy ho famporisihana ny olona handray andraikitra sy hahatsiaro fiombonana aina, dia tsy maninona. Fa raha atsangana ho fitsipika hentitra sy takiana ho tsy maintsy ankatoavina izany, ary averimberina lazaina foana ao am-piangonana, dia tsy mety fa mitarika ho tonga amin'ny «simonie» voalaza tetsy aloha, ary mahatonga koa ny antsointsika hoe «fahateren-tsaina»(fefena ao anaty fisainana ny lalàna sy fitsipika avokoa ny zavatra rehetra, fa tsy misy fivelaram-pisainana mihitsy hahatonga famoronan-javatra vaovao, hany ka voahidy ao anatin'ny «efa mahazatra» mandrakariva). **Vato misakana ny fandraisany olona ny vaovao**

⁶ II Korintiana 9, 7

mahafaly mitory famonjena sy fahasoavana maimaim-poana izany, fa mampitodika ny olona ho amin'ny tenany sy fiheverana fa mandray anjara amin'ny famonjena ny tenany izy, ary miteraka fihatsarambelatsihy. Jesoa Kristy dia niteny mafy ireo Fariseo sy mpanora-dalàna, hoe : «Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo mpihatsaravelatsihy! Fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina ianareo, nefà navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana : ireto tokony ho nataonareo, kanefa tsy tokony havelanareo ireroana.»⁷ Tsy mamaha ny lalàna sy ny Fitsipika mihitsy ny Tompo. Hoy Izy hoe: « Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka. ... Fa lazaiko aminareo : Raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.»⁸ Ny fanaovana araka ny Fitsipika dia tena ilaina, kanefa tsy henjanina tafahoatra izany, fa tokony ho amin'ny fitiavana sy fitsinjovana ihany koa ny namana (charité et tolérance).

④ **MISY FANOMEZAM-PAHASOAVANA ROA OMEN' ANDRIAMANITRA MIVANTANA ANTSIKA (dons spirituels)** tsy maintsy raisintsika amin'ny fanarahana an'l Jesosy ao amin'ny Fiangonana.

- Ny **Finoana** araka izay lazain'ny apostoly Paoly ao amin'ny I Korintiana 12, 9. Aza ampifangaroina mihitsy ny finoana sy ny fanaovana rainazy (laisser-aller) ho an'ny tsy te hisahirana sy mitokitoky foana. Mila fandinohana mialoha sy fiomanana ny zavatra hatao rehetra. **Ny finoana dia fetezana ho eo ambany fitarihan'Andriamanitra ary arahim-pahatokisana fa hanampy Andriamanitra mba hahatanteraka izany, rehefa naharesy lahatra taorian'ny fitolomana amam-bavaka fa araka ny sitrapony tokoa izany.** Ny tsy manam-pinoana dia ireo izay be fanahiana tafahoatra eo amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra ka mandany andro miady hevitra tsy arahim-piniavana hiroso amin'ny asa sy be kajy mialoha araka ny sain'olombelona ihany. Matetika dia tsy mijery afa-tsy ny tenany ny tompon'andraikitra manana izany fisainana izany, ka ny fahalemeny sy ny tsy fahavononany no afindrany amin'ny hafa, ary tahaka ny tsy misy eo anatrehany Andriamanitra mampiasa. Hoy ilay mpandinika iray, W. Johnson hoe : «Voatemitra sy narafitra tamin'ny fikasana tsara tsy notanterahina ny lalana mankany amin'ny fahaverezana » (*La route de l'enfer est cernie et pavée de bonnes intentions*). Manàna mihitsy fahasahiana manao tombanezaka (évaluation) ny fikasana hanao zavatra sy ny ezaka natao hanatanterahana izany. Aza miaro tena manilika ny tsy fahombiazana amin'ny hafa fa diniho tsara aloha ny tenanao. «Fantaro ny tenanao », hoy ilay olon-kendry grika, i Socrate (*gnothi seautôn = connais-toi toi-même*).

Rehefa mandeha amin'ny finoana dia matetika omen'Andriamanitra saina sy *fomba fijery hafa* (une nouvelle vision) sy hevi-baovao (une nouvelle inspiration) tsy araka ny ampoizina mihitsy mba hanaovana ny asa, ka misy hatrany olona tsy eritreretina akory manaiky hiara-miasa amim-pahatsorana hanampy hahatontosa ny asa. **Aza adinoina fa manan-karena olona sy fitaovana omeny antsika ao amin'ny Fiangonana Andriamanitra, fa matetika isika no tsy mahay mitsirika sy mampiasa izany, rehefa entim-pahazarana sy tsy te hanova ny zava-misy hattrizay.** Aza maika hahita fahombiazana avy hatrany kanefa, fa hevero ny fanoharana nataon'ny Tompo momba ny Fanjakan'Andriamanitra tahaka ny lehilahy mamafy voa amin'ny tany (Matio 13, 26-29). MAMITAKA NY FANDROSOANA TAMPOKA KA MILA FANDINIHANA TSARA FANDRAO TETIKA ATAON'NY DEVOLY. **Eritrereto tsara ireo fakam-panahy natao ho an'ny Tompo talohan'ny nanombohany ny asany.** Tsy iandrasam-pahagagana na izay hampiorika ny mpitazana ny fandrosoan'ny asan'Andriamanitra fa mandeha tsikelikely (pas à pas) araka ny fandaharan'Andriamanitra tompon'ny asa azy.

- Ny **fahaiza-mitarika** (DON DE DIRECTION) no fanomezam-pahasoavana faharoa tsy maintsy raisina. NY FINOANA DIA HAHALALANA IZAY SITRAPON'ANDRIAMANITRA, FA NY FAHAIZA-MITARIKA KOSA DIA FANATANTERAHAN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA NY ASA AMIM-PAHAKINGANA SY AMIM-PAHAIZANA (HABILETÉ ET COMPÉTENCE) MBA HAHATRARANA NY TANJONA. Mazava ho azy fa mila fiofanana mba hananana izany fahaizana izany, kanefa koa tsy azo hamaivanina mihitsy ny asan'ny Fanahy Masina manome fahazavan-tsaina hampiasana izany. Ao anatin'ny fahaiza-mitarika ny finiavana hitady ny fomba sy ny

⁷ *Matio 23, 23*

⁸ *Matio 5, 17,20*

fitaovana ary ny tetik'asa rehetra mbamin'ny mpiasa hanampy hahatontosa ny asa. Noho izany dia anjaran'ny mpitarika mahay ny mikaroka ny fanentanana mety handresen-dahatra ny olona hahatsapa fa tena ilaina tokoa sy araka ny sitrapon'Andriamanitra ilay zavatra atao (motivation vers l'objectif divin). Ilaina mandrakariva ny fiofanana sy fifaneraserana amin'ny hafa mba hakana lesona (esprit d'ouverture). Tokony hanana anjara toerana lehibe amin'ny fampiharana izany ny Mpitandrina, noho izy nahazo fiofanana manokana momba ny fanabeazana sy fitarihana ny vahoakan'Andriamanitra.

⑤ **TSY TOKONY HO VOAFITAKY NY SEKTA ISIKA.** Ny hafanampo tsy voalanjalanja eo amin'izay te hiseho ho kristiana dia araoraotin'ny sasany fetsifetsy hitarihana azy hivaona. Ny Commission natsangan'ny Antenimieram-pirenena frantsay nanao fanadihadiana momba ny sekta taorian'ny fihetsika mahery vaika nasehon'ny sekta sasany taty Frantsa sy tany Japon ary tany Amerika Atsimo dia nanome lanja ny famaritana ny zava-doza ateraky ny sekta, ka nanoritra ny fiheverana ankapobeny omen'ny olona momba ny sekta. Hotanisaintsika avy amin'ny tatity ny Commission ireo lafin-javatra mampidi-doza avy amin'ny toetra sy fihetsiky ny sekta. Fa hoy ny famaritana nataon'ny olona iray isan'ny mpivory, raha nilaza ny fahitan'ny sarambaben'ny olona ny sekta izy, hoe : «Groupes visant par des **mancœuvres de déstabilisation psychologique** à obtenir de leurs adeptes une **allégeance inconditionnelle**, une **diminution de l'esprit critique**, une **rupture** avec les références communément admises (éthiques, scientifiques, civiques, éducatives), et **entraînant des dangers** pour les libertés individuelles, la santé, l'éducation, les institutions démocratiques.»

Ireto manaraka ireto no hita fa fomba fiasan'ny sekta ka mahatonga azy hampidi-doza raha tsy voafehy : -

- engagement et fanatisme,
- prestige du chef et culte du gourou,
- recherches d'alternatives (culturelles, morales, idéologiques) et rupture avec les valeurs de la société,
- appartenance loyale à un groupe et allégeance inconditionnelle,
- persuasion habile et manipulation programmée,
- langage mobilisateur et le néolangage (la « langue de bois »)

Namboarin'ny fariseo ny Lalàna mba hahazoana manodina ny fanampiana ho an'ny ray aman-dreny. Tsy vitan'ny tsy nankatoavina ny Lalàna efa misy, fa mbola mody navadika ho toy ny adidy ho an'Andriamanitra indray ny fanomezana, kanefa raha ny marina dia fitiavan-tena sy fialana andraikitra eo anoloan'ny zava-misy izany. Mila mamantatra ny Fiagonana fandrao misy tetika ambadika tsy hikarakarana ny havana akaiky (ray aman-dreny, vady, zanaka) ny fialokalofana amin'ny «fanaovana adidy amin'Andriamanitra». Tsaroana ilay fiteny mahazatra ny maro (misy fahamarinany, kanefa tsy azo roritina amin-javatra hafa ny hevitra fonosiny), hoe : «Manomboka ho an'ny tena ny asam-pitiavana voarindra tsara» (*charité bien ordonnée commence par soi-même*). **Miainga avy amin'ny fahatsiarovantena ny fahatsiarovana sy fandraisana andraikitra tena miorina tsara.**

Saro-pantarina ny fikasan'Andriamanitra, ary ny sarotra no lalana amin'ny fanarahana an'l Jesoa. Kanefa amin'ny finoana dia omen'Andriamanitra fahaizana mizaha toetra ny fanahy samihafa (esprit de discernement) isika rehefa mangataka Aminy. Tsy hamaivanina mihitsy ny fahaizana amampahalalan'ny olombelona, kanefa inoantsika koa fa hain'Andriamanitra ny manome ho an'izay manetry tena sy mivelona amin'ny fiainam-bavaka marina eo anatrehany ny saina mahatakatra ny zavatra mahaso, ka mahatonga fandavana izay zavatra tsy mety. Ny fiainam-bavaka no mahatonga fahaizana mandini-tena marina, koa tsy ho lany andro amin'ny fifampitsarana manoloana ny zavatra madinika foana, fa samy mandini-tena ny amin'ny fanarahana'ny tena sy fitiavana marina an'Andriamanitra. Hoy Jakoba ao amin'ny taratasiny hoe : « *Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena* » (Jakoba 4, 6).

Ho voninahitr'Andriamanitra Irery ihany !

Brétigny sur Orge, 12 mai 2015

© Reverend Docteur Jean A. RAVALITERA,
Mpitandrina Synodaly, Filohan'ny FPMA